# Ratsy vintana sahiran-dava
# Lasa talena orinasa goavana 6


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 7 aogositra 2018 Laharana 798 Vidiny : 400 Ar


**Isaia 1: 28** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao, 01 aogositra


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fifidianana** 2

# Miandry an-dRavalo ny vahoaka

**Fifidianana filoham-pirenena** 2

# Mpampandoro tanàna milaza fa Mesia





**MORONDAVA** 3

## May ny biraon'ny lehiben'ny Faritra



**Loza teny Andoharanofotsy** 4

## Nidoboka am-ponja ilay mpampily nahafaty mpitondra moto

**Karapanondrom-pirenena** 3

## Mbola tsy misy foana hatramin'izao

**Lycée Privée Les Rossignols** 5

## Namoaka mpikabary

**Daka kely**

Ampy izay ny an'ialahy Raforce a ! any amin'i Boaikely indray zao ny fantsy.

**Raharaham-pirenena** 2

## Miandry an'i Dada koa ny faritra Melaky



FIFIDIANANA

## Miandry an-dRavalo ny vahoaka



Misy ny manontany tena sy miroaroa saina hoe 'hilatsaka ho fidiana ho filohampirenena ihany ve ny filoha Marc Ravalomanana sa tsia, satria tsy mba misehoseho sy manao propagandy mialohan'ny fotoana toy ny ataon'ny sasany 'izy. Manomboka afaka ny ahiahy ankehitriny fa tao amin'ny tanindrazana teny Imerinkasinina no nanamafisan'i Dada tamin'ireo mpiray tanindrazana taminy fa hirotsaka ho fidiana filohampirenena izy. Izany dia toy ny nataony tamin'ny fifidiana tamin'ny 2001, nanaovany fanambarana ny 4 oktobra 2001. Vonona hanavotra ny firenena latsaka ankaterena miaina ao anatin'ny fahantrana sy ny tsy fandriampahalemana no tanjona amin'izany. Vokatr'izany, tsy tokony hipetraka intsony ny fanontaniana tery ambony, tsy misy ny ahiahy, hirotsaka ho fidiana ho filohampirenena ny filoha Marc Ravalomanana ny 7 novambra ho avy izao. Na izany na tsy izany, miandry an'i Dada avokoa ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy ankehitriny, miandry ilay fotoan-dehibe tena hametrahany ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiany sy ilay fanambarana lehibe hataony eo amin'ny kianjaben'i Mahamasina, hatrehan'ny vahoakan'Antananarivo, sy ireo solontena avy amin'ny faritra 22 eto amin'ny Nosy.

***Helisoa***

Mpitolona teny amin'ny Magro

## Fototra entina hamerenana an'i Dada eo amin'ny fitondràna

Nisy ny fivoriana nataon'ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana teny amin'ny Magro Behoririka ny sabotsy teo, izay natao hanomezam-baovao ireo mpitolona mba hitovy ny fomba fijery mikasika ny fanomanana ny fifidianana hatao eto amin'ny firenena, izay notarihin'ny depiote teo aloha Zafilahy Stanislas. Tsara ho fantatry ny rehetra hoy ity farany ary atao mazava tsara mba tsy hisian'ny fandikana vilana hoentina hizarazarana ny mpomba ny filoha Ravalomanana Marc, fa tsy azo hamaivanina ny olona nitolona fahiny ka hatramin 'izao teny amin 'ny Magro, fa izy ireo no anisan'ny fototra iaingantsika hoentina hampandaniana sy hamerenana an 'i Dada eo amin 'ny fitondrana indray. Tsindriana mazava tsara hoy Zafilahy Stanislas fa tsy misy tolona atao intsony ny eny amin 'ny Magro Behoririka, fa ezaka goavana hamondronana ny hery sy ny firaisankina ary fifankatiavana niainana hatrizay no atao eny, mba hitondràna ny anjara biriky lehibe hanarenana indray ity firenentsika ity hiaraka amin 'ny filoha Marc Ravalomanana. Mba tsy hihinanana ambolony sy tsy haha-voafitaka ny namana dia omena vaovao sy toromarika ny mpiara-mpitolona mba hitovy tantana ny vaovao tena marina eto amin 'ny firenena, fa indrindra indrindra ny ao amin'ny sehatra hoentina hampandaniana ny kadidantsika hoy izy dia i Dada izany, koa samia mailo fa tsy kely lalana ny ratsy.



*Zafilahy, anisan'ny mpitarika ny tolona teo amin'ny Magro.*

***Helisoa***

Rahararham-pirenena

## Miandry an'i Dada koa ny faritra Melaky



*Ny filohan'ny Reg-TIM any amin'ny faritra Melaky, ny dokotera Eric Andriamanantena Anders*

Vonona tanteraka ny vahoakan'ny distrika 5 any amin'ny faritra Melaky : Antsalova, Morafenobe, Ambatomainty, Besalampy ary Maintirano amin'ny fampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana hanavotra ny firenena indray amin'ny fifidianana hatao ny 7 novambra ho avy izao. Efa mizotra ny fananganana ny fototry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any amin'ny fokontany sy ny kaominina, any amin'ny distrika ankehitriny hoy ny dokotera Eric Andriamanantena filohan'ny antoko TIM any amin'ny faritra Melaky ary efa maty paika ny tetik'ady ataonay amin'izany hoy izy. Tsy ny ao amin'ny antoko ihany fa misy koa ny fanentanana ireo tsy ao anatin'ny antoko ho amin'ny fiatrehana io fifidianana filohampirenena ho avy io. Ny filoha Marc Ravalomanana no nanokatra ny lalana taty aminay izay nampilamina ny fandriampahalemana, ka rariny raha miandrandra azy ny mponina amin'izany. Mbola tsy adinonay hoy izy ny nanamboaran'iDada ny tohadrano, ny fanampiana ireo tantsaha tamin'ny resaka voly vary : fanomezana zezika sy masomboly sy ny fanaovana fifaninanana mamboly vary sns… Ankehitriny, marobe ireo vahoaka no vonona hanohana ny filoha MarcRavalomanana any amin'ny faritra Melaky satria ny bainga efa nivadika no hitanay nandritra ny fitondràny, izy irery ihany no hahavaha ny olana any aminay araka izany hoy ny dokotera Eric Andriamanantena Anders.

***Helisoa***

Vidin'ny simenitra midangana

## Nanaovan'ny lehiben'ny faritra sy ny loholona angaredona ireo mpandraharaha any Faradofay

Midangana ho roa avo heny ny vidin'ny simenitra lasaka tao anatin'ny herinandro maromaro any Faradofay. Mimenomenona ireo mpila ity akora ity amin'ny fanaovana trano. Efa niezaka nanontany ny tena antony mampiakatra ny vidiny tafahoatra ny ao amin'ny sampandraharaha. Fantatra fa misy ireo mpandraharaha mpanafatra entana marotra ambongadiny no manao fomba ratsy manararaotra mampiakatra ny vidiny. Afenina ny entana, avy eo mampiakatra ny vidiny izy ireo. Manoloana izany, naharay fitarainana ny sampandraharaha misahana ny varotra sy ny fanjifana any Anôsy. Nihetsika toy izany koa ny tao amin ny fiadidian'ny faritra. Nantsoin'ny lehiben'ny faritra sy ny loholona miaraka ireo mpandraharaha ireo. Tsy marimaritra iraisana no natao fa fanerena famerana ny vidina simenitra iray lasaka ireo mpandraharaha tsy hampiakatra ny vidin'entana. Voakasik'izany koa ny vidim-bary. Ny vidiny eny an-tsena efa tsikaritra fa misy fanararaotana goavana avy amin'ireo mpanafatra entana. Ny zoma teo no nihaona ireo voakasik'ity fidangan'ny vidin'entana ity. Tao amin'ny efitrano fiasan'ny lehiben'ny faritra no nanerena ireo mpandraharaha ireo.

***Mangarahara***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ny mpampandoro tanàna indray no milaza fa Mesia

Fombantsika Malagasy ilay antsoina amin'ny teny mahazatra hoe : Vono vorona no betsaka. Raha mbola tsy fantatra ny daty hanatanterahana ny fifidianana Filohampirenena dia maro ny mpanao politika no nilaza isak'izay mihetsika fa ilaina havoaka ny datim-pifidianana fa iankinan'ny fiainam-pirenena sady ahafahana manomana ny filatsahana. Rehefa nivoaka anefa ny daty dia tsy hita izay nataon'ireny olona be resaka ireny. Natao indray ny fomba rehetra nanakanana ny filatsahan'ny Filoha Marc Ravalomanana, natao ny Lalàm-pifidianana sadasada, nandany vola tamin'ny alalan'ny fidirana amin'ny haino aman-jery ny sasany, namelabelatra fa tsy tokony hirotsaka ny olona tahaka izatsy na izaroa, tsy nahomby anefa izany tetika izany ka nony taty aoriana dia nangingina ireny olona ireny. Izany no ilazana hoe : vono vorona no betsaka ! Mandeha indray ny fanangonan'olona etsy sy eroa ataon'ny sasany saingy tsapan'ny mpitazana fa endrika ivelany daholo ireny satria mbola tambazana vola ny olona hanatrika ilay lazaina fa fihaonambe, dia izay no lazaina fa nahavory vahoaka. Diso be anefa izany satria tsy mitovy ny Malagasy tany amin'ny 10 taona sy 20 taona sy 30 taona lasa, sy ny Malagasy amin' izao taona 2018 izao. Efa lasa lavitra ny fama-kafakan'ny olona amin'izao fotoana izao ; matanjaka koa ny serasera ka izay no tsy mampandaitra ny vono vorona ataon'ny sasany. Na izany aza mbola misy ny Malagasy no mora voarebireby ka izay no tsy maintsy hanazavana tsara ny sain'ny olona ny tena marina. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny olona iray sy ny ekipany hampandroso firenena kanefa ny zavatra efa nitsangana aza nopotehany sy nodorany ? Dia ankehitriny ny mpandoro trano sy ny nahatonga ny Malagasy tsy an'asa dia milaza tena fa izy no tena dadany ary milaza fa Mesia sy lasa Anjely tampotampoka teo. Mila mailo hatrany ny rehetra satria betsaka ny vono vorona saingy tsy niteraka fandrosoana mihitsy aloha hatramin'izao ny fisehosehoana ivelany. Olona tsy mpanapotika no tadiavin'ny Malagasy fa manangana ary indrindra indrindra olona matahotra an'Andriamanitra, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

HFI

## Manamafy fa nangalatra Rajoelina tamin'ny tetazamita

Mbola manamafy ny HFI, na Hetsika Fanorenana Ifotony, tarihan'i Pety Rakotoniaina, mamory olona isan'andro etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely, fa tena nangalatra tokoa i Andry Rajoelina sy ny forongony nandritra ny tetezamita. Noho izay antony izay, mila mazava amin'ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo hoe natao aiza, nolaniana tamin'inona ny vidin'ny fiaramanidina Air Force One sy Two ? hoy izy ireo. Mila mazava amin'ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo koa hoy ny fanambarana, hoe aiza ilay helikôptera telo novidiana. Toy izany koa, hohatrinona marina ny vola azo tamin'ny fitrandrahana vy tany Soalala? Ny momba ny fanondranana ny bois de rose na andramena sy ny volamena ihany koa dia gaboraraka tamin'ny tetezamita ireny, mila mazava avokoa ny momba izany rehetra izany hoy ny HFI. Ary mila fantatry ny vahoaka Malagasy tompon'ny volany, tompon'ny harenany sy tompon'ny taniny koa izany rehetra izany, izay kolikoly avo lenta sy fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena tamin'ny tetezamita notarihan'ny mpanongam-panjakana Rajoelina ireny.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Kandidà : manao ho tompony toy ny mpihambo

Valo mianadahy aloha hatreto no efa nanambara fa ho kandidà ho Filoham-pirenena. Roa amin'ireo no efa nanatitra ny antontan-taratasy teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) dia Rajoelina Andry Nirina, filohan'ny tetezamita teo aloha, sy ny Praiminisitra teo aloha ny Jeneraly Ravelonarivo Jean. Ny enina moa tsy mbola tonga teny amin'ity andrim-panjakana ity saingy efa azo antoka fa hanao izany ato ho ato, mbola afaka tapabolana vao ho tonga ny fepotoana farany. Iray ny vehivavy dia ny Filohan'ny Sendikan'ny Mpitsara Malagasy (SMM), Herinaivo Fanirisoa izay natolotry ny fikambanana ZAMA efa nivadika ho antoko politika. Iray koa ny mpitondra fivavahana dia ny Pasiteran'ny antokom-pivavahana Apokalipsy sady filohan'ny antoko Gideona ho Fanavotana an'i Madagasikara. Samy mbola vaovao eo amin'ny sehatra politika ireo saingy nanambara fa hiady amin'ireo aretina mikiky ny Firenena amin'izao fotoana izao: ny kolikoly, ny tsy fandriampahalemana, ny tsy fanarahan-dalàna, ny fanondranana an-tsokosoko ny harem-pirenena, ny fahantrana. Iray koa ny mpanakanto dia i Dama ao amin'ny tarika Mahaleo, izay iaraha-mahalala fa anisan'ireo artista mitsikera ny fiainana ara-politika (artistes engagés) eto amin'ny Firenena nanomboka tamin'ny 1972. Efa solombavambahoaka ihany koa. Ny ambiny moa dia tsy zoviana amin'ny vahoaka Malagasy satria efa nitondra teo aloha, ny filoha Marc Ravalomnana sy ny eo amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao Hery Rajaonarimampianina. Tsy mazava amin'ny olompirenena tsotra intsony na efa manomboka ny fampielezan-kevitra fa dia misy manaparitaka ny sariny misy ny programan'asany sahady ka anisan'izany ny Praiminisitry ny tetezamita Beriziky Jean Omer (JOB). Rajoelina Andry Nirina moa dia nampamerina tao amin'ireo fahitalavitra tsy miankina telo ny fampisehoana nataony tao amin'ny Kianjan'ny Kolontsaina ny voalohan'ny volana aogositra teo. Manohana azy koa, hono, ireo olobe sady to teny any amin'ny faritra toy ny tangalamena sy ampanjaka. Raha ny fantatra dia manambara toy izany hatrany ireo olobe ireo kanefa tena manome baiko ireo olona manara-dia azy tokoa ve izy ireny rehefa tonga ny fifidianana ? Rehefa itony antokon'olona eo amin'ny fiarahamonina itony no ifandraisana, amin'ny gasy, dia toa misy resaka fifandraisana sy fangatahana tsodrano avy amin'ny razana foana. Manohana azy koa, hono, ny ben'ny tanàna dimanjato izay heverina fa lany tamin'ny anaran'ny Mapar. Efa mahazo vato dimanjato izany izy satria toa tsy ho afaka hanery ny vahoaka nifidy azy ireo ben'ny tanàna ireo. Ny filoham-perinasa kosa dia manararaotra faramparany ny fitaovam-panjakana ka manao fitokanana fotodrafitrasa etsy sy eroa satria tsy afaka hampiasa ireny intsony aorian'ny fametraham-pialana. Ny nahagaga ary mampametram-panontaniana ny maro koa ny antony nandehanany tany Madirovalo satria izany toerana izany no tena malaza amin'ny resaka fanandroana sy ny resaka fifandraisana amin'ny razana. Etsy an-kilany anefa dia mamonjy ireny fotoam-pivavahana lehibe tarihan'ny Fiangonana zokiny ihany koa izy, toy ny tany amin'ny Toby FLM any Ankaramalaza. Anisan'ny manao fitsidihana any amin'ny faritra rehetra any koa ny kandidà Ravalomanana Marc tato anatin'ny volana vitsivitsy. Hitam-poko, hitam-pirenena kosa fa vahoaka maro be hatrany no tonga manotrona azy na dia tsy tambazana na inona na inona aza. Tsy mbola manaparitaka ny programan'asany (MAP) aloha izy amin'izao fotoana izao kanefa azo inoana fa mbola ho avy izany aoriana kely. Matetika mantsy misy ny mpanao "kopi-kolé" ka aleo angamba mitandrina. Samy mpino FJKM Ravalomanana Marc sy Rajaonarimampianina Hery saingy raha ny hafatra tamin'ilay hetsika nataon'ny fikambanana "Chaîne d'honnêteté" farany teo tao Isotry Fitiavana dia inoana fa tsy hifidy kandidà efa voaporofo fa nampahantra sy nampidi-kizo ny Firenena ny mpino kristiana. Efa niseho tamin'ny fahitalavitra ihany ireo kandidà vitsivitsy izay marina fa tsy mbola hita teo amin'ny sehatra politika kanefa sarotra ny mandresy lahatra ny Malagasy, indrindra eo amin'ny sehatra politika, hifidy kandidà iray tsy fanta-pihaviana satria ny ahiahy hatrany no tonga ao an-tsainy voalohany. Efa nanambara fa hirotsaka ihany koa ny mpitondra fivavahana iray izay mampanantena fa efa manana ny fanafody entiny hanasitranana ity Firenena ity amin'ny fomba tsy takatry ny sain'olombelona, hono, izy. Samy manana ny tetikady sy paikady entina manarina ity Firenena ity ireo hilatsaka kandidà kanefa Ramalagasy ihany no misafidy izay làlana tiany hizorana satria manan-tsaina hanavaka ny ratsy sy ny tsara izy.

***Andry Tsiavalona***

CRAM

## Mila mailo amin'ny kobaka am-bavan'ny kandidà ny mpifidy tanora

***Mitondra ny fahitany momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray ny CRAM : na ny Cercle de Réflexion pour l'Avenir de Madagascar :***

Hita taratra fa miroso amin'ny fandresen-dahatra ny tanora hifidy azy ireo kandidà sasany amin'izao telo volana mialohan'ny fifidianana izao hoy ny fanambarana. Araka ny fanambarana nataon'ny CRAM tamin'ny 10 jolay 2018, izany manao hoe: "Nitombo 9 903 319 – 7 971 790 = 1 931 529 ny isan'ny mpifidy voasoratra anarana amin'ity taona 2018 ity. Raha atambatra amin'ireo olom-pirenena tsy tonga na tsy afaka nifidy tamin'ny taona 2013 sy ireo voasoratra anarana vaovao ireo dia mahatratra 3 928 544 + 1 931 529 = 5 860 073. Raha tonga mifidy « fotsiny » ny 75% amin' ireo olom-pirenena 5 860 073, izay azo ambara fa tanora no maro an'isa raha jerena ny salan-taonan'izy ireo, dia tena voafidin'ny olom-pirenena maro an'isa marina izay kandidà ho lany eo hoy ny CRAM. Mila mahay madanjalanja tsara anefa ireo tanora ireo mba tsy ho roboky ny kobaka am-bava mandritra ny fampielezan-kevitra satria ny ho avin'izy ireo mihitsy no potika raha diso safidy mandritra ny fandatsaham-bato amin'ny 7 novambra 2018.

Ankoatra izany, ny ankamaroan'ireo kandidà nirotsaka ho Filohan'ny Repoblika tany ivelany, na tany Europe na taty Afrika, tao anatin'ny taona vitsivitsy dia manokana volabe mihitsy amin'ny fampiasana ny teknolojia avo lenta amin'ny fitantanana ny vola mandritra ny fampielezan-kevitra, ny fandrindrana ny asan'ny antoko politikany sy ny Komity mpanohana azy, ny fanangonana ao anatin'ny ora vitsy monja ny voka-pifidianana aorian' ny fanisam-bato.

" Soa fianatra" ny toy izany amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika amin'ny 07 novambra 2018 mba hisian'ny mangarahara tanteraka amin'ny resaka ara-bola sy ny voka-pifidianana.

***Nangonin'Isambilo***

Karapanondrom-pirenena

## Mbola tsy misy foana hatramin'izao

Volana vitsy sisa dia ho tonga ny fifidianana ho filohampirenena nefa ny karapanondrom-pirenena dia tena olana satria tsy misy eny amin'ny distrika efa ho volana maro izao. Raha ny eny amin'ny kaominina Alasora dia marobe ireo mpianatra hanamboatra karampanondro vaovao no miverim-potsiny efa ho 3 volana izao. Renim-pianakaviana mpanabe iray izao no nitaraina vokatr'izany : ny zanako sy ireo mpianatro hanala bacc 'izao sahirana hoy izy any amin'ny faritra misy anay fa tsy mbola misy ny karatra hanaovana kara-panondro. Na ny ahy izay efa mihoatra be ny 10 taona sy efa tokony hosoloina aza tsy afaka manolo fa tsy misy ilay karatra. Amin'izao fotoana ihany koa lasa manatombo ny fotoana ahavitan'ny kara-panondro satria toa tsy maintsy alefa eny amin'ny biraon' ny distrika avokoa ny mombamomban'ireo izay hanao karatra rehetra ka aorian'izay vao azo alaina ny karatra hoy hatrany izy. Eto dia mipetraka ny fanontaniana, vonona tokoa hiatrika fifidianana ve ity fitondràna ity e ? raha izao no zavamisy dia ho marobe indray ireo tanora no ho very zo amin'ity fifidianana filohampirenena ity.

***Helisoa***

**NY TENY FIAINANA**

***Matio 5:36***

*Aza mianiana amin'ny lohanao; fa tsy mahay mahafotsy na mahamainty na dia singam-bolo iray akory aza hianao.*

FIFIDIANANA

## Ny endrikendriky ny tokony ho Filoha vaovao

Fanontaniana miverimberina amin'ny vavan'ny olona ny hoe : olona manana toetra tahaka ny ahoana no mendrika ho Filoham-pirenena ? Samy manana ny hambarany ny tsirairay fa raha ny tokony ho izy dia efa ampy nakana lesona ny zavatra nitranga teo amin'ny tantaran'i Madagasikara. Ireto misy santionany tamin'ny valintenin'ny olona sendra ny Gazety Ny Valosoa Vaovao: olona tsy manitsakitsaka Lalampanorenana, olona tsy mbola nanongam-panjakana, olona manana vinam-piarahamonina, olona manatanteraka ny fampanantenana nataony fa tsy mampiesona, olona sahy mijoro fa tsy miovaova hevitra, olona matahotra an'Andriamanitra, olona tia tanindrazana, olona manana Fahendrena, olona mahay mihaino ny hafa, olona manome hasina ny maha malagasy, olona sahy miady hevitra amin'ny sehatra iraisam-pirenena, olona fitaratra amin'ny vahoaka amin'ny fanarahan-dalàna, olona manaja ny zokiolona sy ny Ray amandreny. Raha ireo tokoa no toetra tokony hananan'izay ho Filohampirenena dia ho azo antoka fa hiadam-pinaritra ny Malagasy. Dia hoy isika manao hoe ; sarotra ve ny manatanteraka ireo rehetra voalaza ireo ? Tsotra ny valiny, arakarak'ilay olona ihany io, tsy misy ny fanamperana fa na izany aza dia ny finiavana mihitsy no tsy ampy, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

Morondava

## May ny biraon'ny lehiben'ny Faritra

May omaly ny biraon'ny faritra any Morondava, renivohitry ny faritra Menabe. Trano efa tranainy izy ity, vita amin'ny hazo amin'ny ankapobeny ka izany nompahazo vahana ny afo. Tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany tolakandro, tamin'ny fotoana tsy nisian'ny mpiasa tao amin'ity birao ity no nirehetan'ny afo. Mifanakaiky eo koa, nirehatra toy izany koa ny biraon'ny Prefektioran'i Morondava, saingy tsy be ny fahavoazana satria vita amin'ny biriky ity biraon'ny Prefektiora ity. Raha ny fahitan'ny tany an-toerana azy, sy ireo nanatrimaso izao fahamaizan'ny biraon'ny faritra izao, toa fahamaizana niniana natao ity nahamay ny biraon'ny faritra ity. Ezahana potehina mihitsy ankehitriny hoy izy ireo ny maha-Morondava an'i Morondava, sy ny maha-Menabe an'i Menabe, satria izay may hatreto tsy misy tafarina, ka ahiana ho toy izany koa ity biraon'ny faritra ity, tsy ho tafarina intsony avy eo hoy ny fanehoan-kevitra avy any an-toerana.

***Ny Valosoa***

TONONKALO

### Fantaro ireo kandidà *(tohiny)*

Ilaina ny olona mahasakisaky
Raha toa ka hitantana ny firenena,
Ka re fa hirotsaka Ratikitaky
No sady miandrandra an`ilay fandresena.

Dede koa tsy laitra ka efa nanely
Fa hoe amin`ity tsy hihemotra intsony.
Taloha izy, hono, no Dede kely
F`izao dadapasy efa sehatra ambony.

Ny andriambavilanitra, tsy hay norarána
Fa tena mba hanana izay solontena,
`Zay tsy hozoviana fa mpahay lalàna
Mba mihevitra hanavotra ity firenena.

Nivoaka ny fonja koa fa tsy voatana
Ilay nirim-bahoaka sy mba nozahavany,
Ka dia hirotsaka handray fiaingàna
Ary angamba ho gina ry Naivo Ravavany.

Ireo no santionany fa mbola ho avy
Ny bodo sy adala miseho ho mafoaka,
Koa dia mitandrema àry ry mpianakavy
Fa misy izy ireo no mpamita-bahoaka.

***DADAN`i ZINA (04-8-18)***

LOZA TENY ANDOHARANOFOTSY

# Nidoboka am-ponja ilay mpampily nahafaty mpitondra moto

Ny alin'ny zoma hifoha sabotsy 04 aogositra 2018, teo anelanelan'ny 1h30 sy tamin'ny 3h00 maraina. Nitrangana lozam -pifamoivoizana teny Andoharanofotsy, teo akaikin'ny Boulangerie « Point Chaud ». Nisy fiara vaovao Seat : 14387 WWT nirimorimo mafy tamin' izany. Avy any lavoloha ilay fiarano nifandona tamin'ny scooter iray nifanena taminy, izay handeha hody ho any Mandrimena Andoharanofotsy. Ilay mpamily izay mamo tampona dia nanandrana nitsoaka, saingy tratran'ny olana arateknika ilay fiara vokatr'ilay loza ka ankona tsy afaka nandeha intsony izy. Ilay nitondra scooter dia namoy ny ainy fotoana fohy taorian'ny nitrangan'ny loza. Mpiasan'ny Imprimerie Niag i Ratefinarivo vonjy, ilay mpitondra moto maty voadona, namela vady sy zanaka miisa 3. Tapaka ny hatony , feno ratra maro ny vatany, tapaka ny lamosiny, ny tongony sy ny tanany, ary niongotra ny ampahan'ny rantsan-tanany. Ny sakaosy izay nisy zavatra samihafa sy fakantsary nomerika, izay teny aminy dia tsy hita fa la-



Maty tsy tsa-drano ilay nitondra moto.

san'ny mpanararao-paty. Ny olona nahita ilay loza no niantso zandary ary nampandre ny fianakavian'ny maty izay mipetraka eo Mandrimena Andoharanofotsy eo akaiky eo ihany. Fotoana fohy taorian'izay dia tonga teo an-toerana ihany koa ny fianakavian'ilay mpamily ilay fiara vaovao Seat nomerao 14387 WWT. Tamin'ny fahatongavan'ny fianakavian'ny maty no nahitan'izy ireo tavoahangin-toaka maro sy tsaky samihafa tao anatin'ilay fiara. Ary nony avy eo dia tovolahy fotsy hoditra hafa izay tsy mamo no nolazain'ny fianakavian'ilay mpamily fiara fa hoe nitondra ny fiarakodia na «conducteur du vehicule » tamin'io loza io. « Tsy marina izany! » hoy ireo nanatri-maso : « fa ilay tovolahy iray zarazara hoditra iry no tena mpamily nitondra ilay fiara » hoy hatrany ireo nahita maso na« témoin occulaire ». Teo dia navoakan'ny zandary tao anatin'ilay fiara vaovao Seat 14387 WWT ilay tovolahy tena mpamily ka nafindrany izy ireo ho ao anatin'ny fiara Rexton fotsy 2507 TBK, ho fitsinjovana ny ainy amin'ny mety ho fitsaram-bahoaka, satria efa nanomboka nitangorona ny olona maro teo amin'ny manodidina. Rehefa variana nanatrika ny « autopsie »-ny razana teo an-toerana teo iny ny fianakavian'ny maty sy ny rehetra, dia nentin'ny rainy nandeha nody tany an-tranony ilay tovolahy tena mpamily nahavanon-doza ity. Nony avy eo dia lasa tsy nisy tavoahangin-toaka maro sy tsaky samihafa intsony koa tao anatin'ilay fiara. Ilay tovolahy hafa nisolo vaika ny akalana kosa dia nentin ny zandary nankany amin'ny « brigade de la gendarmerie » eo Andoharanofotsy natao famotorana. Nanaraka akaiky ny raharaha koa ny fianakavian'ny maty nandeha teny an-toerana. Nahavariana sy nahatalanjona ny be sy ny maro ny hoe efa nahafaty olona ilay tovolahy tena mpamily dia navelan'ny tompon'andraikitra mahefa nandeha nody soa aman-tsara tany an - tranony. Avy eo vao nampanantsoin'ny zandary ny rain'ilay tovolahy, ka tonga teo amin'ny « brigade de la gendarmerie » teo Andoharanofotsy ihany ireto farany. Ary raha vao tonga ilay rangahy rain'ilay tena mpamily dia nandrahona ny fianakavian'ny maty hoe « izaho angaha tsy fantatrareo! Izaho dia avocat! Mahay lalàna aho! ». « izaho manoloana anao dia mahay lalàna koa » hoy ny solonten'ny fianakavian'ny maty. Araka ny vaovao farany dia nidoboka am-ponja na MD ilay mpamilin'ilay fiara nahafaty ilay mpitondra moto.

***Ny Valosoa***

Ady amin'ny tazomoka

# Distrika 5 ho hisitraka lay misy ody moka

Fianakaviana mahery ny 13 tapitrisa indray no ho voaaro amin'ny tazomoka eto Madagasikara amin'ity taona 2018 ity. Ankehitriny dia mbola mitazona ny laharana faha efatra i Madagasikara eo amin'ny tazomoka. Antony mampararry ny olona tonga manatona ny tobim-pahasalamana ary faha efatra ihany koa amin'ny antony mahafaty ny olona eny amin'ny Hopitaly. Nandritra ny fivoriana ho fandresen-dahatra izay natao tao amin'ny Imperial Hotel herinandro teo, ka tonga nanotrona izany ny solontena avy ato amin'ny Faritra Vakinankaratra ny Lehiben'ny sampan-draharaha sosialy eto anivon'ny Faritra Dr Naina Ratovoharinjaka Andriamampionona. Ho tanterahana manerana Nosy ny fizarana lay misy ody moka ka natomboka omaly 6 Aogositra ny andiany voalohany. Ny firenena Amerikanina no mamatsy ny vola raha any amin'ny tapany andrefan'ny Nosy no hanombohana izany. Ho an'ity hetsika ity dia mpamatsy vola ny tahirim-bola iraisam-pirenena sy avy amin'ny filohan'ny Malaria Initiative PMI/ USAID. Raha ho an'ny Vakinankaratra manokana no asiana resaka ny fiandohan'ny volana septambra no hanatanterahana ny fizarana ka ireo distrika dimy (5) mandrafitra ny Faritra ihany aloha no hahazo tombony amin'izany ka anisan' izany: ny distrikan'i Mandoto, Faratsiho, Ambatolampy, Antanifotsy ary Betafo, izany hoe anatin'ny andiany faha-roa (2) ka "Fonds mondial" no mpamatsy. Marihina fa distrika 106 manerana an'i Madagasikara no hisitraka izany ka ho ferana ho lay misy odimoka telo (3) fara-fahakeliny isan-tokantrano no homena. Zava- dehibe eo amin'ny sehatry ny fahasalamana ny fisian' ny hetsika maimaimpoana tahaka izao mba hahatratrarana ny tanjona. Napetraka ny tanjona hoe : 85% ny tokantrano eto amintsika no hahazo ny lay, ary ny 80% ny olona kosa dia hatory anaty « lay misy Odimoka » isak'alina mandavan-taona : na mafana ny andro na mangatsiaka ihany koa.

***Lezama***

Ambatondrazaka

# Iharan'ny fandravan'ny jiolahy koa ny taksy moto

Taksy moto iray indray no niharan'ny herisetran'ny jiolahy ny alin'ny faha-05 aogositra 2018 lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora alina raha hihazo an'Ambalabako ao anatin'ny kaominina Sub Urbaine Ambatondrazaka iny. Tovovavy roa no niangavy ity taksy moto ity mba ho aterina hody tamin'io alina io. Raikitra ary ny fifanarahana ka dia roso ny dian'izy ireo. Nony efa tonga teo amin'ny fidinana hiditra an'Ambalabako dia nilaza ireto tovovavy fa efa tonga ary nijanona ilay taksy moto. Mody nariariran'izy roavavy teo aloha ilay mpamily kinanjo nisy dimilahy avy hatrany dia nipoitra avy any anaty kirihitra izay efa nitsirika mialoha niandry tao ary dia nidaroka ity mpamily taksy moto ity tamin'ny lohany. Soa ihany fa nisy ny haroloha nanaovan' ity farany izay vaky nitresaka mihitsy noho ny hamafin'ny kapoka nahazo azy. Nitsoaka nandositra ilay mpamily taksy moto noho izany ary lasa niantso vonjy haingana tamin'ireo manodidina. Tsy hain'ireto jiolahy ihany koa angamba ny namelona ilay milina hany ka nasitrik'izy ireo tao anaty kirihitra tsy lavitra teo izany. Vetivety ihany koa dia tonga ireo olona izay niaraka tamin'ity mpamily taksy moto ity ka dia tafaverina soamantsara ihany ilay moto izay nasitrika tao anaty kirihitra. Tsy tratra intsony kosa ireo jiolahy sy jiovavy fa efa nitsoaka.

***Raoul***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy haricot vert indray no laoka amin'ny** Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana saosy voatabia sy tongolo izany, hatao ketsaketsa. Mety raha hasiana ro matsatso anana izay tiana, hampiarahana aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Manasitrana homamiadana ny artémisia

Ny artémisia dia mamono tanteraka ny Otrik'aretin'ny homamiadana na ny cancer. Ny artémisia dia karazana ahi-maintso. Misy azy io eto amintsika ary anisan'ny tsara kalitao indrindra eran-tany. Mamono tanteraka ny Otrik'aretin'ny homamiadana ( Cancer) haingam-piasa tokoa. Ny fomba fampiasa azy:
- Maka tahony 1 ka 10 cm eo ho eo. Mampangotraka rano 1/2 l, alatsaka ao, esorina ambony fatana, saronana, avela hiotrika ao ary sotroina vao mifoha.
- Mety koa : avela hangatsika + ranon'anandrano manta na Salady 1/8 vera. Ary Sotroina miaraka.
- Azo atao koa ny manao lasary anandrano na Salady ka Tetehina manta madinika hifangaro tsara ; rarahana voasary Makirana fa tsy Vinaigitra.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'Ambositra, renivohitry ny faritra Amoron'i Mania

Ny tanànan'Ambositra, renivohitry ny faritra Amoron'i Mania indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'Ambositra. Azo lazaina ho renivohitry ny asa tanana eto Madagasikara izy noho ny sokitra Zafimaniry, sokitra avy amin'ny hazo voamboana na andramena (bois de rose). Amin'ny lalampirenena faha-7 (RN7) no misy azy, 258 km any atsimon'ny renivohitra Antananarivo, eo anelanelan'i Fianarantsoa sy Antsirabe.



## Isaia 1: 28

# Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao, 01 aogositra 2018

Isaia 1: 28: "***Ary samy ho ringana ny mpiodina sy ny mpanota. Eny ho lany ritra izay mahafoy AHY JEHOVAH.***"

Ry olombelona ô, maro loatra ny FIHODINANAREO ka izany no miteraka faharinganana eo aminareo, ary aza hadino fa isam-pirenena izany ka dia hisy ireo mpitondra firenena hametram-pialana nohon'ny tsy fahitana VAHA-OLANA mihitsy. Romana 3/3 Raha tsy mino hianareo. Moa ve ny tsy finoanareo mahafoana ny FAHAMARINAKO? Mba valio AHO. Ny mpaminany dia fitaovako hanambara ZAVA-MIAFINA ka mba henoy ihany. Indro AHO JEHOVAH nanambara zava-miafina taminareo raha naneho sary AHO, dia ilay bolantany nivoaka voalohany ka nahagaga anareo tamin'ny 31 Janoary 2018. Jereo ny sary Bolantany miaraka amin'ny hafatra teo aloha. Ny loko mangabe "indigo" izay midika hoe: Zava-miafina, Fanjakako JEHOVAH. Ao no mivoaka ny FAMONJENA sy ny FIADANANA. Adiny enina no niseho ny volomboasary (loko orange) ary adiny enina no niseho ny manga. Io ny sary navoakako fa anjaranareo ny mamantatra. Hifandimby hiseho ireo bolantany ireo araka ny lokony avy. Mbola ho gaga ianareo satria nahoana? Efa nolazaiko taminareo ny asan'ilay Bolantany iray lehibe eo ampovoany izay mizara HERY amin'ireo enina kelikely. Nivoaka fanindroany indray izy io arakaraky ny zava-misy ambany masoandro, ny loko volomboasary izay nivoaka izay midika FAMINDRAMPO. Ny loko hitanareo teo aloha izay midika hoy AHO hoe: ZAVA-MIAFINA. Zava-miafina aminareo ny fisian'ireo Bolantany ireo. Indro misy sary fanindroany indray izany hoe: Ny volana no mandray HERY avy amin'ilay Bolantany araka ny lokony sy izay mety miseho sy mitranga eo amin'ny tany, dia ireo karazana loza mifandimby sy izay efa miseho ankehitriny.

Nahoana moa no ny volana no mandray ny herin'ilay Bolantany? Satria raha tonga dia ianareo olombelona mivantana sy ireo zava-boahary eo amin'ny tany dia tsy zakanareo izany, ary tena tsy zaka velively. Aza hadino fa toy ny fiasan'ny masoandro eo aminareo ihany no fiasan'ny volana koa, saingy izany rehetra izany dia tsy hitan'ny masonareo, ny masoandro miasa amin'ny atoandro, ny volana kosa amin'ny alina. Hianareo anie tsy mahalala ê, fa io volana io dia misy fifandraisana aminareo ambonin'ny tany, ny zava-boahary sy ianareo olombelona, ao anatin'ny torimasonareo lalina izy no manao ny asany. Izany no antom-pisian'ny alina eo aminareo. Tandremo tsara ary ny alina aza atao antsirambina sy atao tsinontsinona. Raha vao nanomboka nanao izao HAFATRA izao AHO JEHOVAH dia tsy niala teo amin'ny SORATRA nataoko izao teny izao manao hoe: AMBONY AMBANY, AMBANY AMBONY. Maneran-tany voakasik'izany avokoa. Ity ny fanazavana mba ho fantatrareo izay tiako hatao raha hitanareo ny sary: arakaraky ny loko raisin'ny volana ny famonjena ny tany sy izay eo aminy. Hitanareo tsara ireo zava-misy eo amin'ny tany, mifandimby miseho izay afitsoky ny rano, tany, rivotra, afo. Ny zava-doza dia ity: miainga avy ao anaty tany avokoa na ny afo na ny rivotra na ny rano na ny hatsiaka na ny hafanana. Izany anie no maha-sarotiny AHY JEHOVAH rehefa voaloto ny tany ê! Izany no antony namoronana ny tany voalohany, feno izay rehetra ilaina na inona na inona. Eny na dia hianareo olombelona aza anie dia nalaina tamin'ny tany ary miverina ho amin'ny tany. Tandremo ary fa masina io tany misy anareo io, aza atao izay mahatezitra azy. Toy izao ary ny fanambarana hataoko. Hifandimby ho hitanareo ireto loko ireto izay horaisin'ny volana indrindra fa ny dikany. Raha Bolantany manga no miseho dia manamboatra ny aizina sy ny hazavana ary ny toetr'andro. Raha mavo ny Bolantany mivoaka dia manamboatra ny rano, ny lanitra sy ny habakabaka. Raha Bolantany maitso no mivoaka dia manamboatra ny tany, ny ranomasina sy ny zava-maniry rehetra . Raha volomparasy kosa dia mamboatra ny volana, ny kintana, ny masoandro. Raha loko mena ny Bolantany mivoaka dia manamboatra ny biby mandady, mikisaka ary ireo voromanidina sy ireo lohasaha, havoana, tendrombohitra. Raha volomboasary ny loko mivoaka dia manamboatra ny olombelona lahy sy vavy. Vakio Genesisy 1/1-31, Genesisy 2/1-3. Averina amin'ny laoniny ireo fa potika sy rava. Io no fomba hamerenako ny tany sy izay eo aminy. Jereo matetitetika ny lanitra fa hahita ny HERIKO sy ny Voninahitro hianareo. Araho tsara ny loko sy ny dikany fa indro hisy horohorontany lehibe ary efa manomboka mitresaka ny tany ambony fa izany no fambara.

Amen!

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6orax

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## DEPIOTE CLARISSE RASENDRAMIADANA

# Fokontany maro ao amin'ny Boriboritany faha-5 no hahazo ny CLD

Manohy ny fidinana ifotony mijery ny olam-bahoaka ao amin'ny Boriboritany faha-5 amin'izao fotoana, ny depiote amin'ny faritra iny Clarisse Rasendramiadana izay misolo ny depiote Guy Rivo izay lasa ministra. Noho ny fanatanterahana ny tetikasa izay vatsian'ny CLD vola, na komitim-paritra momba ny fampandrosoana, dia nanatanteraka fidinana ifotony izy sy ireo mpiara- miasa aminy akaiky. Maro ireo fokontany hahazo tombotsoa amin'izany tetikasa CLD izany : Nanisana, Ampasampito, Ambohimirary, Antsahameva, Andraisoro, Ankerana, Anjanahary, Manjakaray, Ambatomainty, Amboditsiry, Ambonioloha, Morarano ary Soavimasoandro. Faly aho milaza aminareo vahoaka boriboritany faha 5 hoy ny depiote Clarisse fa ny asa dia hatomboka amin'ity volana aogositra ity. Ankoatra izany dia mitondra fankasitrahana ho an'ny vahoaka izy, izay nandray teny antoerana sy ny mpiaramiasa sy teknisiana indrindra fa ny CLD izay vy nahitana izao tetikasa izao.



*Ny depiote Clarisse Rasendramiadana, nidina ifotony tamin'ny fokontany maro tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

***Isambilo***

## Fampianarana

# Namoaka mpikabary ny Lycée Privée Les Rossignols Ambohimanarina

Famoahana mpianatra mpikabary, io no anisan' ny nanamarihana ny famaranana ny taom-pianarana tao amin'ny Lycée Privée Les Rossignols Ambohimnarina ny sabotsy teo. Nanafanana ny fotoana tamin'izany ny fampisehoana ara-javakanto sy ara-kolontsaina nataon'ny mpianatra sy ireo mpampianatra ao amin'ity sekoly ity. Nanome voninahitra ny fotoana tamin'izany ny filoha mpanorina ny vondrom-panabeazana Les Rossignols, Rabazanahary Albert, izay nanambara fa ny Lycée Privée Les Rossignols Ambohimanarina dia ao anatin'ity vondrom-panabeazana ity. Notsihiviny tamin'izany fa tsara hatrany ny vokatra tao amin'ity sekoly ity, ho an'ny hanala fanadinana amin'ity taom-pianarana ity, mbola mitohy ny fampianaran'izy ireo mandra-pahavitan'ny fanadinana, ireo tsy manao fanadinana ara-panjakana kosa dia tapitra ny sabotsy teo ny fampianaran'izy ireo. Misandra( haka amin'ny lalam-piofanana maromaro ny vondrom-panabeazana hoy izy amin'izao fotoana satria misy ny Ivontoerana mpanofana Paramed amin'ny faritra maro eto amin'ny Nosy, toy izany koa, manana Ivontoerana na Institut momba ny fitantanana sy ny toekarena koa ny vondrom-panabeazana Les Rossignols amin'izao fotoana. Ho an'ny Lycée Privée Les Rossignols Ambohimanarina manokana, nambaran'ny taleny Rabezanahary Lalaina fa ho fampiroboroboana ny fampianarana ny teny vahiny dia hampianarina maimaimpoana teny Frantsay sy teny Anglisy ny mpianatra manomboka amin'ny Garabola ka hatramin'ny kilasy Terminale. Ny kilasy faha-6 dia efa manomboka mianatra ny fiteny Espagnol ihany koa. Ankoatra ireo, misy fampianarana dihy sy mozika ary lomano ihany koa ao amin'ity sekoly ity.

***Aly***

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Nationalisation** : fakan'ny fanjakana ny fananan'ny olon-tsotra na tsy miankina.
**Négociation** : fifampidinihana, fifampiraharahana.
**Népotisme** : fampidirana ny namana na ny fianakaviana hiarahiasa amin'ny olona iray.
**Nomenklatura** : teny rosiana mitovitovy hevitra amin'ny establishment. Classe des privilégiés organisée autour du parti communiste soviétique partageant les postes clés dans l'administration et dans l'armée dotée de fantastiques avantages socio-économiques.
**OMD** : Objectif du millinéraire pour le développement, tanjon'ny arivo taona faha-3 momba ny fampandrosoana.
**Ombudsman** : mpanelanelana eo amin'ny fanjakana sy ny olompirenena. Miadana Victor no ombudsman voalohany teto Madagasikara.
**Opinion ( publique)** : feon'ny olona na feon'ny vahoaka.
**Opposition** : ny mpanohitra ny hetsika sy ny hevitra ataon'ny governemanta
**Ordonnance** : didy hitsivolana.
**Ordre du jour** : fandaharampotoana.
**Ordre national** : mari-boninahitra omena.
**Ordre public** : filaminam-bahoaka.
**Organisation des Nations Unies (O.N.U)** : Firenena Mikambana, manana ny foibentoerany any New-York Etazonia.
**Otage** : takalon'aina.
**Paix** : fandriampahalemana.
**Papo-césarisme** : afi-pitondrana andraisan'ny Papa iray masina andraikitry ny Filohampanjakana. Matetika dia fitondrana henjana sy mahery vaika nefa dia mahazo fankasitrahana avy amin'ny olona. ( Fitondrana Borgia).
**Parlement** :. Misy karazany roa ny Antenimiera : Efitrano Iva sy Efitrano Avo ; Any Frantsa sy eto Madagasikara dia misy ny Antenimieran-doholona sy ny Antenimieram-pirenena.
**Parlementaire (régime)** : rafitra parlemantera.
**Partitocratie** : désigne un système politique dans lequel les partis politiques détiennent la plupart ou la totalité des pouvoirs.
**Synonyme** : régime de partis. Ny antoko politika no tompon'ny ankamaroan'ny fahefana.
**Pays en développement** : Tany eo an-dalam-pandrosoana.
**Persuasion** : Fandresen-dahatra.
**Plan d'Ajustement Structurel (P.A.S)** :Fanitsiana ara- drafitra.
**Plébiscite** : fitsapana mivantana ny hevi-bahoaka. Antsoina ny vahoaka hilaza ny heviny amin'ny valiteny hoe « Eny » sa « Tsia ».
**Polémologie** : fianarana sy fandinihana momba ny ady. Ny antony, ny fizotrany sy ny vokany, ny fiadiana.

***Fetra Ramamonjy***

NIREFOTRA NY BASY

# 3 lahy nahatrarana milina fanaovana vola sandoka

Tsy milamina mihitsy i Vakinankaratra tato ho ato, saingy manomboka manao ezaka indray ny mpitantana vaovao araka ny hita sy tazana. Isan'ny raharaha henoheno teto Antsirabe tato ho ato ny fiparitahan'ny vola sandoka etsy sy eroa, ary ny any ambanivohitra no tena lasibatra amin'izany. Tao anatin'ny volana vitsivitsy izay, dia tranga maromaro momba ny fiparitahan'ny vola sandoka no niseho teto Antsirabe teto, ary nisy mihitsy ireo olona efa voasambotra sy nidoboka am-ponja. Misy ny tena atidoha mikotrika io fanamboarana sy fanaparitahana vola sandoka io, ary porofo ny niseho ny herinandro teo. Efa nisy ny loharanom-baovao voarain'ny mpitandro filaminana, fa misy andian'olona manana milina sy fitaovana hafa fanamboarana vola sandoka eto Antsirabe. Taorian'ny fanaraha-maso nataon'ny polisy dia voaporofo ny fisian'io tambazotra io ary napetraka ny vela-pandrika. Ny alarobia maraina no efa nisy ny fifandraisana teo amin'ireo mpanao vola sandoka sy ny olona napetraka ho jono hisamborana ireo olon-dratsy. Tsy vita anefa ny fifampiraharahana raha tsy ny hariva ary nifanao fotoana teo Antsenakely izy ireo. Teo no nanomboka ny sakoroka satria niditra an-tsehatra avy hatrany ny mpitandro filaminana hisambotra ireo olon-dratsy miisa 6 ka vehivavy ny iray. Nahita izany ireo jiolahy, dia nanao tari-dositra nihazo ny tany Ampatana, tsy lavitra an'Antsenakely ihany, ary rehefa tany, dia raikitra ny fifampitifirana. Teo no nahavoa ny lehilahy iray sendra nandalo izay voan'ny balan'ireo jiolahy ka ny tongony no voan'ny bala. Resy tosika ihany anefa ireo jiolahy, ka nitsoaka, saingy tsy namelan'ny polisy mihitsy fa nifanenjehana. Ny 3 lahy tamin'ireo 6 ihany anefa no voasambotra, fa ny 3 hafa naman' izy ireo kosa tafatsoaka sy mbola karohina. Tamin'ireo tratra, rehefa nosavaina, dia nahitana io milina fanontana vola sandoka io, sy fitaovana hafa fanaovana izany ihany koa. Mbola mitohy ny fanadihadiana, raha ny fantatra, saingy andrasan'ny maro kosa ny tena lehiben'ity fanontana sy fanaparitahana vola sandoka ity, satria tsy maintsy misy izany ary tsy olonolom-poana ihany koa izany, raha ny fanombanan'ny maro azy.

***Lezama***

Mahafaly Vatofotsy-Antsirabe

# Jiolahy nanafika nitady volam-pamadihana

Tena tsy milamina mihitsy indray ny eto Antsirabe tato ho ato. Matetika no hisian'ny fanafihana amin'ny fokontany maro eto, toy ny niseho teny Mahafaly Vatofotsy, ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy teo. Trano lehibe iray izay nisy fianakaviana 3 samihafa mipetraka ao no nisehoan'ity fanafihana ity. Tokony ho misasakalina tany ho any no nahatongavan'ireo jiolahy, ary amboletra, toy ny fanaony no nidirany io tanàna io, izay mifefy tamboho. Toa efa fantatr'ireo jiolahy tsara ireo olona mipetraka rehetra ao, ary vao tafiditra ny tranon'ny fianakaviana iray izy efadahy mpanafika, dia nanontany avy hatrany izay toerana sy trano misy an'i "patron". Ity farany izay fianakaviana iray mpivarotra isan'ny monina ao mazava loatra. Nasain'ireo jiolahy nihohoka avokoa ireo tao an-trano sady nadinin'izy ireo izay toerana misy io olona karohiny io. Tsy tao anefa ireo olona ireo fa namadika, ary ny nahagaga, dia io volam-pamadihana io mihitsy no isan' ny nokarohin'ireo jiolahy, saingy efa tsy teo antoerana ireo fianakaviana ireo. Rehefa tsy hitan'ireo jiolahy izay azo natao satria tsy hita izay olona nokarohina, dia nifaoka izay azony nentina izy ireo ary lasa. Soa aloha fa tsy nikasi-tànana ireo jiolahy, raha ny fanazavana azo teny antoerana. Ny tena mahagaga, dia ny fahasahian'ireo jiolahy manomboka miseho lany tato ho ato ity indray. Somary nangina ihany io resaka fanafihana io teo aloha kely teo, saingy izao miseho lany izao. Raha ny loharanom-baovao ihany koa mantsy, dia nisehoan'ny fanafihana tokantrano iray koa io alin'ny alarobia hifoha alakamisy io teny amin' ny faritr'i Mahazina teny.

***Solohery***

Asan-jiolahy

# Mpandraharaha saika hisy hanafika tamin'ny andro antoandro

Mpandraharaha iray indray no nokasain'ny jiolahy ho ravaina ny harivan'ny zoma lasa teo teto Ambatondrazaka. Fantatra fa efa misy ny mpitandro filaminana izay miambina ity mpandraharaha ity taorian'ny nisian'ny fanafihana azy ka naharatrana mpiasa tamin'izany. Tsy natahoran'ireo jiolahy anefa io fisian'ny mpiambina io fa ny nataon'izy ireo ihany no nokasainy ho atao. Voasambotra araka izany ny iray tamin'ireo jiolahy ary rava maina ihany koa ny tetika izay saika ho tanterahin'izy ireo tamin'io fotoana io. Marihina fa teo alohan'io ihany koa dia fantatra fa nisy ny fikasana haka takalon'aina tao andrenivohitry ny faritra Alaotra Mangoro tao izay saika hataona jiolahy ihany koa saingy nandamoka izany. Hatreto, samy mitaintaina avokoa ny ankamaroan'ny mponina noho ity resaka tsy fandriampahalemana ity. Ireo mpandraharaha moa dia efa hita ho fadiranovana mihitsy noho ny tahotra ny hisy handrava. Nambaran'ny mpandraharaha arabary iray fa miantraika tanteraka any amin'ny sahatry ny fanangonambokatra izay tokony ho tsara tamin'ity taona ity ny tsy fandriampahalemana satria mailo ary matahotra na ny mpivarotra na ny mpanangona, hany ka zary lasa mitsipotipotika ny fivarotana vary.

***Raoul***

Tsy fandriampahalemana

# Rongony 100 kilao saron'ny polisim-pirenena

Saron'ny polisim-pirenenan' Amparafaravola ny rongony milanja 104 kilao izay nokasaina haparitaka ny faha-31 jolay 2018 alina teo. Fantatra fa nandritry ny fisafoana izay fanaon'ny polisin' Amparafaravola no nahitana Kubota iray avy any Ambohivory izay nitondra entana ary nirifatra avy hatrany vao nahita azy ireo. Tsy niandry ela ny polisy fa avy dia nirotsaka tamin'ny fanenjehana. Voasambotra ihany ity Kubota ity niaraka tamin'ny entana nentiny. Natao ny fisavana ka rongony efa tsara fonosana sady efa maina no hita nentin'izy ireo. Nokasaina haparitaka hatrany Antananarivo mihitsy ireto zava-mahadomelina ireto saingy noho ny fahakingan'ny polisim-pirenena dia tsy nahomby izany fa izao sarona izao. Nisy ny fitifirana noho ny fikasan'ireo jiolahy andeha hitsoaka, ka iray no naratra tamin'izany. Efa misy araka izany ireo voasambotra mihodidina ity raharahan-drongony ity hoy ny Lehiben'ny polisin' Amparafaravola, ny kaomisera Razafindravoaja Félix Yves ary ho atolotra ny fitsarana rehefa vita avokoa ny fanadihadiana rehetra mikasika azy ireo. Nambaran'ny Lehiben'ny polisin' Amparafaravola ihany fa tsy mandry andro tsy mandry alina izy ireo amin'ny fampandriana fahalemana ny tanàna amin' izao fotoana izao. Nafampana rahateo hoy izy raha ny sehatry ny fanafihana tato ho ato. Fantatra fa ny alin'ny faha-20 hifoha ny faha-21 jolay teo iny ihany dia nisy ny fanafihana nataon'ny andian-jiolahy ny mpandraharaha iray tao an-toerana. Tsy nahomby io fanafihana io saingy naharatrana polisy iray sy mpiambina tanàna izay samy mbola manaraka fitsaboana avokoa amin' izao fotoana izao. Tsy handefitra mihitsy izahay manoloana ireo asa fanakorontanana ireo hoy ihany ity Lehiben'ny polisin' Amparafaravola ity.

***Raoul***

Ratsy vintana sahiran-dava

# Lasa talena orinasa goavana

***Gaga mihitsy ny fianakavian'ity mpianatra ity fa isaky ny manao fanadinam-panjakana dia tsy afaka foana izy io. Mahay anefa izy io any am-pianarana saingy tsy mety afaka mihitsy rehefa fanadinana.***

Kivy mihitsy ity mpianatra ity satria tsy anjarako mihitsy angamba hoy izy ny ho tafita sy hitovy amin'ny olona. Fijoroana vavolombelona tamin'ny gazety no nahitany olona mijoro fa nanana olana mitovy aminy, saingy tafita ihany rehefa nokarakaraina teny amin' i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** eny amin'ny 67 Ha atsimo Antananarivo. Io mpitsabo io mantsy no nikarakara azy tamin'ny fanaovana concours sy nahazoana miditra miasa rehefa azony ny diplaomany satria in-telo nanala fanadinana io mpianatra io fa tsy afaka foana raha tsy nokarakaraina teny aminy. Tsy andrin'io mpianatra io intsony izay hihaonana taminy, ka teny vao fantatra ny tokony hatao.

**Lasa talena orinasa ilay mpianatra**

Taorian'ny fikarakarana nataon'ity mpitsabo ity ilay mpianatra dia nety avokoa izay rehetra nataony. Afaka soa amantsara izy vao nanao fanadinana fotsiny ary tsy nijanona teo fa nahazo asa sahaza ihany koa. Roa taona monja taorian'izay dia lasa talen'ilay orinasa izy ary teo vao gaga sy talanjona ny rehetra fa raha tsy nokarakaraina dia asa izay nahazo azy ity. Niverina teny amin'ity mpitsabo ity ny tenany nisaotra sy nanolotra valisoa ho azy satria goavana loatra teo amin'ny fiainany ny nahatafitany toy izao raha saiky tsy tafavoaka sy latsaka ambany noho ny mpiara-monina aminy. Nanambara anefa ity mpitsabo ity fa izay olona manana olana toa azy io ka voakarakara dia mahazo izay iriany, izay olona manana olana ka mila vahaolana dia vitan'ity mpitsabo ity noho ny fananany "pouvoir" manokana, izay tratry ny aretina tsy fanta-pototra nefa mila sitranina dia vitany avokoa ary tsy ireo ihany fa izay mila fanampiana amin'ny fiainany noho ny olana mahazo azy dia tafita sy lasa mpanefoefo rehefa mahazo fikarakarana eny aminy.

***Namana***

CUA sy mpikaroky ny ENS

# Manomana hetsika ara-kolontsaina sy asa tanana

"Ny maha-Malagasy ary ny fihoaran'ny fahendrena noho ny fahadalana", io no loha-hevitry ny hetsika ara-kolontsaina sy asa tanana, hatao etsy amin'ny trano malalaky ny Lapan'ny tanàna Analakely, hanomboka ny alakamisy 9 aogositra ka tsy hifarana raha tsy ny sabotsy 11 aogositra ho avy izao. Mpikarakara izao hetsika izao ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny mpampianatra mpikaroka ao amin'ny ENS (Ecole Normale Supérieure) ny Oniversiten'Antananarivo, miaraka amin'ny mpampianatra mpikaroka Ramatoa Raharimanga Fidèle, izay nanoratra boky momba ny kolontsaina Malagasy, haranty sy hampahafantarina mandritra io hetsika io. Fanomezan-danja ny fahendrena Malagasy, indrindra ny kolontsaina Merina no hasongadina ao amin'io boky io, ary hiadian-kevitra mandritra an'ireo fotoana ireo. Hetsika ara-kolontsaina: vako-drazana sy hira gasy, izay hataon'ny tanora mpianatry ny ENS, fampirantiana asa tanana sy fanafody samy hafa, no anisan'ny haranty mandritra ireo 3 andro etsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely ireo, ny mpampianatra mpikaroka ao amin'ny ENS, izay mpikarakara ihany koa Andriamatoa Rakotoarisoa Victor James no nanazava mahakasika izay. Izao hetsika izao hoy izy dia maimaimpoana ny fidirana, amin'ny maha-hetsika ho fanomezan-danja ny maha-Malagasy azy.

***Aly***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**04/08/18 hatramin'ny 11/08/18**

- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 798-08-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**Ministra Guy Rivo R.**

# Moteran'ny fampandrosoana ny tanora sy vehivavy mpandraharaha

Niatrika ny andro faha-2 tamin'ny salon des PME et Startups, na fampirantiana momba ny orinasa madinika sy salantsalany sy ny antsoina hoe startups, fanombohana amin'ny sehatry ny fandraharahana, ny faran' ny herinandro teo ny Ministry ny Indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina Guy Rivo Randrianarisoa. Izy no nosafidian'ireo mpikarakara ho mpiahy izao hetsika izao. Tamin'ny lahateny nataony no namahavahany, fa laharam-pahamehana ho an'ny departemanta izay tantanany ny fampiroboroboana ny sehatry ny fandraharahana ho an' ny tanora sy ny vehivavy. Nisy tamin'izao hetsika izao ny famelabelarana narahina ady hevitra momba ny loha-hevitra: "ny asa tanana mankany amin'ny fananganana indostria". Zava-dehibe hoy ny ministra Guy Rivo Randrianarisoa ny fanatanterahana ny hetsika momba ny fandraharahana toy izao, satria ny tanora sy ny vehivavy mpandraharaha no motera ho amin'ny fampandrosoana ny toekarempirenena, no sady ho avin'ny toekarena ihany koa. Noho izay antony izay hoy izy dia miezaka manamora sy manetsika ny tetikasa afaka mamorona asa ny ministera izay tantanany, ho amin' ny famoronana orinasa madinika sy salantsalany. Nosoritany fa ny lalàna momba ny fampandrosoana ny indostria na ny LDI no mifehy izany ary izany dia ho amin'ny tombontsoan'ny be sy ny maro. Ireo tranoeva nanaovana fampirantiana nandritra izao hetsika izao dia nampiseho fa afaka mifaninana ny vita Malagasy.

***Aly***



*Ny ministra Guy Rivo sy ny sasany amin'ireo mpikarakara ny salon des PME et Startups.*

Amparafaravola

# Nafana ny ady hevitra teo amin'ny sehatry ny fifampisamboram-bola



*Ambohipihaonan'ny mpandraharaha ny teto Amparafaravola.*


Notontosaina tao amin'ny renivohitry ny distrikan'Amparafaravola ny zoma lasa teo ny andiany faharoa mahakasika indrindra ny sehatry ny fifampisamboram-bola, izay hifanaovan'ny mpanjifa sy ny mpampisambotra toy ny banky sy ny banky madinika. Isan'ny niompanan'ny ady hevitra ny mahakasika ny tsy mety mahatafavoaka ny mpanjifa amin'izy ireny. Nahaliana ny rehetra ity ady hevitra narahina dinik'asa ity. Niompanan'ny fanontanian'ny rehetra tamin'izany ny hoe maninona no tsy mivoaka amin'ny fotoana izay ilàna azy ny vola angatahin'ny mpanjifa ka zary lasa mahatafidi-kizo azy ireo, teo ihany koa ny mahakasika ny zanabola sy ny famerenana azy io ary indraindray ny olana goavana mianjady amin'ny tantsaha rehefa tratrin'ny loza voajanahary ny fambolena izay ataony ka tsy ahafahany mamerina izany amin'ny fotoana izay nifanomezana. Nahitam-baliny avokoa ireny rehetra ireny. Hita tonga tao ireo tompon'andraikitra sy ny solontenan'ireo banky misy aty Alaotra amin'izao fotoana izao ary hita tao ihany koa ny tompon'andraiki-panjakana nahitana ny Loholon'ny Madagasikara izay angady nananana sy vy nahitana izao diniky ny mpianakavy izao nanomboka tamin'ny andiany voalohany ka izao nitohy amin'ny andiany faharoa izao. Teo ihany koa ny avy any amin'ny ministera ary ny Lehiben'ny distrikan' Amparafaravola sy ny Ben'ny tanàna ao an-toerana.

***Raoul***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 246**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady


### Valiny Teny Tondro (0245)

*Mitsivalana*
- Karama
- Eny (Miv) – Ar
- Nihena
- Toeranao
- Toy (Miv)
- Niresaka
- Mitana (Miv)

*Mitsangana*
- Kintana
- Anio – In
- Rehetra
- Re (Miv) –

(F)et(y)
- Mena – Si
- Maina (Miv)
- Koa (Miv)
- Matotra (Miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 246




**Mitsivalana**

**1.** Làlan-droa mifanapaka **2.** Foto-tenin'ny manova – Nanolotra **3.** Fonenana mandrakizay – Praiminisitra **4.** Renirano – Mpisolo tena **5.** Voan'ny fery – Fiandohan'ny volana **6.** Mpanoritra anarana – Tovona (Miv) **7.** Marika – Mamba **8.** Misy mivadika – Hekitara – Faranteny **9.** Nisintaka (Miv) **10.** Fafanay (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Mahasoa ny olona banga **B.** Maro loko eny amin'ny lanitra – Kanto **D.** Malahelo **E.** Jamoka **F.** Be taona **G.** Tratry ny tsy fahasalamana – Bibikely **H.** Zava-maniry – Vady **I.** Kianteny – Mpanondro toerana – Tolona (BR) **J.** Afovoany **K.** Enti-milaza – Manontany fotoana

### Valiny Teny mifanaraka 0245

*Mitsivalana*

1 Sarotra – Ry 2. Elo – Vono (Miv) 3. Reraka – Iva 4. Afaka – Tafa (Miv) 5. Na – Onina 6. Anarana 7. Ny – Toy (Miv) 8. Andro – Nify 9. Tiana – Nam 10. Lio – Anay (Miv)

*Mitsangana*

A. Seranana B. Alefa – Inty D. Rora – Dio E. Akondro F. Tokana – Ony G. Iry – AA H. Ao – Noana (Miv) I. Nifantina J. Rova – Fa K. Ivato – Dimy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Nanatrika ny faha-70 taona sy ny faha-50 taona nihiran'i Kolibera ny Filoha Ravalomanana.









Ny famaranana ny taom-pianarana 2017-2018 tao amin'ny Lycée privée Les Rossignols Ambohimanarina ny sabotsy teo.







